

ERICK MANANA 35 TAONA AN-TSEHATRA **Tsara** **omana ny teny an-tsehatra**


Hira taloha, hira vaovao, fitendrena zavamaneno, fampiaraham-peo..., Samy kanto avokoa ireo nandritra ny fampisehoana nataon'i Erick

Manana, tetsy amin'ny Lanpan'ny Kolontsaina sy ny fannatanjahantena Mahamasina ny asabotsy teo. Tsikaritra fantsara omana tokoa ny teny

an-tsehatra. Nampiaiky ireo mpijery tonga maro teny antoerana ny fahaizan'i Jenny miroboka ao anatin'ny aingam-panahy “gasigasy”, tamin'ny alalan'ny fihirana sy ny fandidiana “violon” ary ny fitsofana sodina. Toraka izany koa ny fampiaraham-peon'i Erick Manana tamin'ny tarika Feogasy sy i Dama. Tafaray samy kanto.

Somary nahitana indro kely kosa ny teo amin'ny fipakan'ny feo tany amin'ny mpijery. Diso mikarantsana loatra rehefa mihira mafy ny teny an-tsehatra. Mazava tsara kosa anefa rehefa tojo ny feo mora na tsy mafy.

HaRy Razafindrakoto



*Fampiaraham-peo sarotra hadinoina
ny an'i Erick Manana sy Jenny.*